

FILAZANA – 10 Septambra 2019

Ny SAMIFIN dia manao izao fampahafantarana manaraka izao :

Sampan-draharahan-panjakana mpanangona vaovao ara -bola sy ara-toe-karena mikasika ny fanodikodinana vola sy famotsiam-bola ary famatsiam-bola ny fampihorohoroana ny SAMIFIN. Ao anatin'ny tsiambaratelo tanteraka no hanatanterahany ny asany ary tsy mijery tavan'olona na mitongilana, tsy mifidifidy izay raharaha hanaovany fanadihadiana fa manaja ny lalàna velona eo am-panatanterahany ny andraikiny.

Tsy fomba fiasan'ny SAMIFIN ny miantso na misambotra olona na mifampiraharaha momba raharaha eo aminy izay tsy tokony hisy hahalala akory mandra-pampitana azy any amin'ny manam-pahefana. Na iza na iza manao ireo fihetsika ireo dia tsy ara-dalàna koa tokony holavina sy torohina na toriana any amin'ny manam-pahefana toy ny fitsarana, ny Zandary na Polisy na ny BIANCO ary afaka mandray vaovao mikasika izany koa ny SAMIFIN ka manome toky fa hanisy tohiny izany tsy hijerena tavan'olona na iza na iza manao azy satria tsy misy olona ambanin'ny lalàna.

Koa raha misy olona miantso an-tariby na milaza fa avy amin'ny SAMIFIN ka mandrahona sy mitaky vola dia ilazana avy hatrany ny rehetra fa tsy marina izany ary tsy fomba fiasan'ny SAMIFIN. Aoka ho mailo isika, ary tsy hanaiky izay toro-marika omen'ireo olona ireo ary iangaviana indrindra hampita ny vaovao any amin'izay manam-pahefana atokisanao na koa ny SAMIFIN fa tsy maintsy handray an-tànana izany ny sampan-draharaha izay handefasanao vaovao.

Manome toky ny rehetra ny SAMIFIN fa hanohy sy hanao ny asany araky ny lalàna sy ny tsiambaratelo mifehy ny asany ary tsy hanao kolikoly fa hamongotra izany miaraka amin'ireo rafitra rehetra miaramiombon'antoka aminy.

Ny foibem-pitantanana

COMMUNIQUE du 10 Septembre 2019

Le SAMIFIN vous fait part des faits suivants :

- Le SAMIFIN est un service de renseignements financiers chargés de collecter et d'analyser des informations sur les flux financiers illicites, notamment le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme. Le SAMIFIN accomplit sa mission dans le strict respect de la loi, en toute objectivité et impartialité et sans aucune préférence sur les dossiers qu'il a à traiter.
- En aucune manière, le SAMIFIN ne dispose pas des pouvoirs de convoquer, d'entendre ou d'arrêter les personnes concernées par ses analyses et investigations lesquelles sont censées ignorer le fait que le SAMIFIN mène des investigations les concernant. Le SAMIFIN ne transige pas ni directement ni par personne interposée avec les personnes concernées par les dossiers dont il est saisi. Le SAMIFIN ne classe pas les dossiers qui comportent des indices sérieux de commission d'une infraction à la loi. Toute personne qui s'adonne à la corruption sur les dossiers traités par le SAMIFIN, le fait de son propre chef et sera poursuivi à ce titre. Le SAMIFIN mettra tout en œuvre pour aider les autorités judiciaires et policières, tels que le PAC, la Gendarmerie Nationale, la Police Nationale ou le BIANCO, à réprimer ces méfaits.
- Toute personne qui entre directement ou indirectement en prétendant détenir un dossier du SAMIFIN ou prétendant agir au nom du SAMIFIN et qui réclame de l'argent ou des faveurs en échange d'une décision favorable concernant ces dossiers se rend coupable de corruption, d'extorsion de fonds ainsi que des infractions pénales liées au secret professionnel le cas échéant.
- Le SAMIFIN exhorte tout un chacun à la prudence absolue en :
 - Refusant toute sollicitation émanant de qui que ce soit dans ce sens,
 - Informant toute autorité judiciaire ou policière de son choix, le BIANCO ou le SAMIFIN afin mettre fin à ces agissements lorsqu'ils se produisent.

La direction Générale